




**Me Willy Razafinjatovo tao amin'ny Tv Plus**

Amin’ny teny andavanandro dia fanafohezana ny voambolana frantsay hoe *« client »* ny atao hoe « kil ». Ingahy Willy Razafinjatovo moa dia mpisolo vava (
*« avocat »*
). Fantany tsara mihitsy aho fa tsy hoe anaovako alako bika tsy tiako tarehy izy eto na koa fiarovana ny Filoha Rajoelina noho ny « fisolelahana » araka ny fomba fitenin’i Fanirisoa Ernaivo Chiottes, mpitsara nanonga-tena, azy.

Fiteniko, ombieny ombieny ny hoe : ny marina tokana ihany ary tsy mba maty, sy ny hoe : ny teny mandalo fa ny soratra mitoetra. Eto koa izany tsy misy hidiran’ny hoe « secret de l’instruction » (tsiambaratelon'ny fanadiadiana) satria izy mpisolo vava mihitsy no nanonona ny anarana hoe Paul Rafanoharana tao amin’ny Tv Plus omaly 11 aogositra 2021. Fa izao aloha no anisan’ny voalazany :




« Nilaza ny « Président de la République » fa hoe tsy « conseiller-any » io olona io. « Conseiller diplomatique ». Tsy marina izany, fa hoe vao indroa fotsiny no hitany. Tsy marina izany. Satria misy taratasy ireto manamarina izany, fa hoe *«**Conseiller diplomatique »-ny Prezidan'ny Repoblika, heu « Président-ny Transition » fa tsy « République » tamin'izany fotoana***
. Nosoniavin'ny Premier ministre Beriziky izany, manamarina izany zavatra io. Ka mahagaga, sady mahasosotra no mahamenatra, manafintoana, hoe mandainga, heu, lainga marivo tototra e ! Io ! Sonia anankiroa, ity anakiray, dia ity koa misy anakiray. Io, io fanamarihana izay zavatra izay… Amafisiny (I Paul Rafanoharana io resahiny io) tamin'ny 2013 satria efa tamin'izany fotoana izay izy no hoe :
***« Conseiller diplomatique-ny Président Andry Rajoelina
»***
. Ary ity izany izao dia manamafy izany zavatra izay satria ity dia nandeha izy tamin'io volana septambra io, niala teto Madagasikara satria tsy nifanaraka tamin'ireo mpiara-miasa tao amin'ny manodidina ny Prezidàn'ny Tetezamita tamin'izay fotoana izay. Ka voatery izy nandositra nitsoaka. Satria natahorany tamin'izay hoe ho vonoin-dry zareo izy fa hoe manelingelina fa te-hanadio ohatra ny zavatra teneniko izao, sady koa hiady amin'ilay kolikoly »./.




Ao anatin'ny hoe asan'ny mpisolo vavan'ny fiarovana («avocat à la défense»), dia tena marina mihitsy ilay fiteny hoe : *«tous les moyens sont bons»*. Saingy izao no mibaribary : ay tsy

voafehin’i Me Willy akory ilay dosie ary tsy fantany fa tena
*«manipulateur»*
(olna mahay mampiresaka azoany izay ilainy) izay tsy izy ingahy Paul Rafanoharana. Ary tena raharaha politika sy criminel io raharaha io fa tsy resaka
*«droit commun»*
ka atao tsianjery maimbo fotsiny ihany andrebirebena ny mpanara-baovao (
*«opinion publique»*
). Soa ihany fa ny soratra mitoetra.



Io tazana eo amin'ny fitaratra eo ankavanana ny naka ny sary...

Aoka ho fantatrareo mpamaky sy ingahy Me Willy fa tamin’ny 22 oktobra 2014 dia nasain’i Paul Rafanoharana sy ilay ho vadiny faharoa, niara-nisakafo taminy aho, teto Antananarivo. Ny antony ? Amin’ny maha mpanao gazety matihanina sy « fanta-daza » ahy dia mba tiany raha manao « communication » mikasika azy ny tenako. Izay mihitsy aho vao nahita azy nivantana sy niresaka taminy. Izy aloha dia araka ny filazan’i Laure Verneau ao amin’ny gazety « *Le Monde*
», dia tena
***« Dandy longiligne d’une grande culture et orateur habile »***
tokoa. Izany hoe lehilahy lava manify tena avara-pianarana sy mahay miresaka tokoa. Izay mihitsy ilay olona nanoloana ahy tamin’izay. Nilaza tamiko ary izy tamin’izay fa manao fotoana amin’ny Filoha Rajaonarimampianina izy satria ho tendrena Praiminisitra izy. Izao moa tsy fomba no mitondra fitaovana fandraisam-peo ary tsy nitondra caméra ihany koa aho tamin’io fa
«

*téléphone*
*»*
no nangalako sary azy.



**Niandry tao Ambohitsorohitra tokoa ny lehilahy fa...**

Tena notsorika taminy hoe : aza manonofy loatra ianao. Voalohany, Rajaonarimampianina anie zanaka pasiteran'ny Fjkm (protestanta izany) fa tsy izy loatra noho sakana fa ireo manodidina azy izay *« opportunistes »* (fantatrareo ny dikan'io voambolana io) ny ankamaroany ka hanaloka azy ireo ianao. Fa nanizingizina izy fa efa raikitra ny fotoana amin'i Hery Rajaonarimampianina. Tamin'io nihaonanay io dia ny Dokotera Kolo Roger no Praiminisitra. Ny anjarako izany dia ny hampahafantatra azy amin'ny mpamakiko sy ny ireo mpanao gazety namako. Tena namerina mihitsy aho hoe : aza dia manantena loatra ianao fa tsy misy olona mahavita zava-doza noho ny olona diso fanantenana.




Ampahanin'ireo documents nomen'i Paul Rafanorahana ahy tamin'ny volana oktobra 2014

[illegible]



EXTRAITS DU CV DE PAUL RAFANOHARANA REDIGE PAR SES SOINS

Paul RAFANOHARANA
Lot IBM 22 - Tsaralalana
101 Antananarivo - Madagascar
rafanoharana.paul@gmail.com

PARCOURS PROFESSIONNEL

- De juin 2013 à janvier 2014, Conseiller diplomatique du Premier Ministre de Transition de Madagascar (chargé de mission)
- De janvier 2003 à mai 2013, PDG puis Conseil de Sneda, 2ème éditeur français de logiciels pour l'immobilier, (146 collaborateurs en France et 70 à Madagascar, 12,4 millions d'€uros de CA)
- De 1999 à 2003, coach de dirigeants et professeur de stratégie à l'Institut Français de Gestion, à l'Ecole de Commerce de Nantes (Audencia) et à l'Institut de l'Homme et de la Technologie
- De 1995 à 1999, adjoint au directeur de l'Audit puis directeur général de la région Ouest des Mutuelles du Mans Assurances (300 collaborateurs ; 600 millions d'€uros de CA)
- De 1988 à 1994, commandant de l'escadron de gendarmerie mobile de Rouen (150 officiers et sous-officiers), puis responsable de la préparation du budget de fonctionnement de la gendarmerie nationale (2 milliards d'€uros) à la direction générale à Paris


[illegible]



16 septembre 2014. Mgr Odon Razakaolona et Paul Rafanoharana dans la bibliothèque de l'Assemblée nationale française



16 septembre 2014. A gauche : Mgr Odon et le Député Gérard devant la Résidence du Président de l'Assemblée nationale française (Hôtel de Lassay). A droite : Mgr Odon dans le bureau du Président de l'Assemblée nationale



A droite: Mgr Odon et le président du groupe d'amitié franco-malgache de l'Asemblée nationale française (M. Gérard) 16-08-2014. A gauche: Mgr Odon et le Directeur Afrique et océan Indien du Quai d'Orsay (M. Bélliard) 17-09-2014.

[illegible]










20 Oktobra 2020. Nentin'i Paul Rafanoharana namangy an'ny Monsenera Odon Razanakolona, ny Ambasadaoro Christophe Bouchard sy ny Premier conseiller Frédéric Joureau.Tsy kisendrasendra velively izany fitsidihina izany...

